


## NY FAMPIANARAN' I KRISTY

Ny fampianaran' i Jesoa Kristy ao amin' ny Baiboly dia efa loharanon' aingam-panahy hatry ny ela ho an' ny olombelona. Misy fanampim-pampianaran' ny Mpamonjy ao amin' ny boky famenon' ny soratra masina— ny Bokin' i Môrmôna: Testamenta iray hafa momba an' i Jesoa Kristy. Hitondra fiadanana sy fahasambarana maharitra ho anao izy ireo amin' ny alalan' ny fanomezany fitarihan-dalana ombam-panahy eo amin' ny fiainanao.

Mba hahazoanao maimaim-poana santionan' ny Bokin' i Môrmôna: Testamenta iray hafa momba an' i Jesoa Kristy, dia manorata amin' izao adiresy izao:

NY FIANGONAN' I
**JESOA KRISTY**
HO AN' NY OLOMASIN' NY
ANDRO FARANY

© 2000 an' ny Intellectual Reserve, Inc.
Zo rehetra voatokana
Natonta tao Etazonia Amerika

Fankatoavana ny tamin' ny teny Anglisy: 3/99
Fankatoavana ny fandikan-teny: 3/99

Fandikana ny *The Testimony of the Prophet Joseph Smith*
Malagasy

MALAGASY
4 02326 67654 7
32667 654

# NY FANAMBARAN' NY MPAMINANY JOSEPH SMITH

Ny Fiangonan' i Jesoa Kristy ho an' ny Olomasin' ny Andro Farany



## Joseph Smith: Mpaminanin’ Andriamanitra

*Raha vao 14 taona i Joseph Smith, dia naniry ny hahafantatra ny fiangonana izay tokony hidirany ho mpikambana izy, ka dia nitalaho tamin’ Andriamanitra tamin’ ny fivavahana feno fahatsorampo. Ho valin’ ny vavaka nataony, dia niseho tamin’ i Joseph Andriamanitra Ray sy ny Zanany Jesoa Kristy ary nilaza taminy fa tsy eto ambonin’ ny tany ny Fiangonana marin’ i Jesoa Kristy, ary dia nifidy an’ i Joseph Izy ireo mba hampody izany amin’ ny laoniny.*

*Nanomboka tamin’ izay andro izay, dia nilofo tamin’ ny asa fanompoana an’ Andriamanitra i Joseph; niasa mba hanorina ny Fiangonan’ i Jesoa Kristy ho an’ ny Olomasin’ ny Andro Farany sy mba hanorina ny fanjakan’ Andriamanitra etỳ an-tany amin’ ny andro farany. Ireo mpikambana mahatoky ao amin’ ny Fiangonana dia mijoro ho vavolombelona fa i Jesoa Kristy no Mpamonjy sy Mpanavotra izao tontolo izao. Jesoa no mitarika ny Fiangonany amin’ izao fotoana izao amin’ ny alalan’ ny fanambarana omeny ny mpaminany iray etỳ ambonin’ ny tany. I Joseph Smith izany mpaminany izany. Na dia nahatontosa zavatra marobe aza i Joseph nandritra ny androm-piainany, dia ny fanoloran-tenany ho mpianatra sy ho vavolombelon’ i Jesoa Kristy no tena zava-dehibe indrindra. Nilaza ny mpaminany Joseph Smith sy i Sidney Rigdon fa rehefa avy naheno ireo tenivavolombelona marobe momba ny Mpamonjy izy ireo, dia nijoro ho vavolombelona tamin’ ny farany fa velona Izy! [Jereo Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 76:22].*



*Raha teo am-panapahana hevitra ny amin’ izay fiangonana hidirany ho mpikambana i Joseph, dia nitady fitarihan-dalana tao amin’ ny Baiboly izy. Novakiny tao ny hoe: ‘Mangataha amin’ Andriamanitra”.*

*Ireo izay mandray ny fanambaran’ ny Mpaminany amin’ ny alalan’ ny herin’ ny Fanahy Masina dia hahafantatra ny fahamarinan’ ny asa izay niantsoana azy. Azon’ izy ireo fantarina ihany koa ny fiadanana sy ny fahasambarana izay omen’ ny Mpamonjy Jesoa Kristy izay noderaina sy notompoin’ i Joseph Smith.*

## Iza no Fiangonana Marina?


*Teraka tamin’ ny taona 1805 tao Sharon Vermont i Joseph Smith. Tamin’ ny fotoana nanombohan’ ity tantara ity, dia 14 taona izy ary niara-nipetraka tamin’ ny fianakaviany tao New York. Nieritreritra fatratra izay fiangonana hidirany ho mpikambana izy tamin’ izany. Izao manaraka izao no zavatra niainan’ i Joseph izay nosoratana araka ny teniny.*

Tao anatin’ izany fotoam-pisavorovoroana lehibe izany, dia lasan’ eritreritra lalina aho ary feno fisalasalàna. . . . Indraindray aho dia niteny irery nanao hoe: Inona no tokony hatao? Iza amin’ ireto fikambanana rehetra ireto no marina, sa dia samy diso avokoa ve izy rehetra ireo? Raha misy iray marina amin’izy ireo, iza izany, ary ahoana no fomba ahafantarako izany?

Raha mbola niady saina mafy noho ny olana lehibe izay nateraky ny fifandiran’ ireo olona mafana fo ao anatin’ ireto antokom-pivavahana ireto aho indray andro dia namaky ny Epistily nosoratan’ i Jakôba, toko voalohany ary ny andininy fahadimy, izay manao hoe: “Raha misy aminareo tsy manam-pahendrena, aoka izy hangataka amin’ Andriamanitra izay manome malalaka ho an’ ny olona rehetra sady tsy mandatsa, ary dia homena azy izany.”

Tsy mbola nisy mihitsy andalan-tsoratra masina tonga tamin' ny hery lehibe tao am-pon' ny olona tahaka ny amin' izao fotoana nahatongavany tao am-poko izao. Toa tamin-kery lehibe no nidiran' izany tao amin' ny tsiratsiraka rehetra amin' ny foko. Nisaintsaina izany hatrany hatrany aho, satria fantatro fa raha misy olona mila fahendrena avy amin' Andriamanitra, dia anisan' izany aho; fa tsy fantatro izay tokony hataoko, ary raha tsy manana fahendrena bebe kokoa noho izay efa nananako aho dia tsy hahafantatra velively; fa tsy mitovy ny fahazoan' ireo mpampianatra momba ny fivavahana avy amin' ireo sekta maro samihafa ireo ny andalan-tsoratra masina izay iray ihany, ka nanimba ny fitokiana rehetra amin' ny famahana ny olana amin' ny alalan' ny Baiboly.

Ny fehin-kevitra hitako tamin' ny farany dia: na izaho hijanona ao amin' ny fahamaizinana sy fikorontanana, na izaho hanaraka izay voalazan' i Jakôba; izany hoe: hanontany an' Andriamanitra. Tapa-kevitra aho tamin' ny farany fa "hanontany an' Andriamanitra", satria fantatro fa raha manome fahendrena ho an' ireo izay tsy manana fahendrena Izy, dia hanome izany malalaka sady tsy mandatsa, ka dia handramako izany.



## Ny Fahitana voalohan' i Joseph Smith

Araka izany fahavononako hanontany an' Andriamanitra izany, dia nandeha tany an' ala aho hanandrana hanao izany. Tsara sy mazava ny andro tamin' izay maraina izay, fiandohan' ny lohataonan' ny taona roapolo sy valonjato sy arivo. Voalohany teo amin' ny fiainako no nanandramako hanao zavatra toy izao, fa na dia teo aza ireo ahiahiko, dia tsy mbola nanandrana nivavaka niloa-peo tahaka izao nataoko izao mihitsy aho.

> *Hoy ny iray tamin' Izy ireo sady nanondro ny iray hafa. . . "Ity ny Zanako Malalako, Izy no henoy".*

Rehefa tonga tany amin' ilay toerana izay efa nosaintsainiko haleha aho ary nijery ny manodidina ahy, dia hitako fa irery aho, nandohalika aho ary nanomboka nilaza ny fanirin' ny foko tamin' Andriamanitra. Raha vao nanomboka izany aho, dia toa nogejain' ny hery iray avy hatrany, izay nanjaka tamiko tanteraka sy nanankery mahagaga tamiko toy ny namatotra ny lelako mba tsy hahafahako miteny. Nisy haizina matevina nandrakotra ahy, ary tsapako toa nisy fotoana naharendrika ahy tao anatin' ny fahalevonana.

Nampiasaiko anefa ny heriko rehetra mba hiantsoako an' Andriamanitra hanafaka ahy tamin' ny herin' ity fahavalo izay nangeja ahy ity. Ary tamin' izay fotoana izay indrindra, dia saika ho kivy sy namela ny tenako tao amin' ny fahalevonana aho,—izay tsy fahapotehana nofinofy fotsiny, fa herin' olona misy iray avy amin' ny tontolo tsy hita maso, izay manana hery mahagaga tsy mbola tsapako tamin' olona hatramin' izay— Fa tamin' io fotoana nampihorohoro io indrindra, dia nahita andrim-pahazavana teo ambony lohako aho, mamiratra mihoatra noho ny masoandro, izay nidina tsikelikely mandra-pirotsany teo amiko.

Raha vao nipoitra izy io, dia tsapako fa afaka tamin' ilay fahavalo izay namatotra ahy aho. Rehefa nitoetra teo amiko ilay hazavana, dia nahita Olona anankiroa aho izay tsy hay lazaina ny



voninahiny sy ny famirapiratany, mitsangana mitsingevaheva eo amboniko. Niteny tamiko ny iray tamin' izy ireo ary niantso ahy tamin' ny anarako sady nanondro ilay anankiray no niteny hoe: "Inty ny Zanako Malalako, Izy no henoy!".

Ny antony nandehanako hanontany ny Tompo dia ny mba hahafantatra izay marina amin' ireo sekta rehetra ireo, amin' izay dia mba ho fantatro izay hidirako ho mpikambana. Noho izany, raha vao tafaverina tsara ny saiko, ka afaka niteny aho dia nanontany ireo Olona anankiroa, izay nijoro teo amboniko tao amin' ilay hazavana, izay sekta marina (fa tamin' io fotoana io dia mbola tsy nihevitra mihitsy aho fa diso avokoa izy rehetra)—ary izay tokony hidirako ho mpikambana.

Nahazo valiny aho fa tsy tokony hiditra ho mpikambana na dia amin' ny iray amin' izy ireo aza, satria diso avokoa izy ireo; ary ilay Olona izay niteny tamiko dia nilaza fa ny foto-pinoan' izy ireo dia fahavetavetana eo anatrehany. Nolazainy fa ireo nilaza fa mino an' Andriamanitra dia ratsy avokoa. Nolazainy koa fa manatona Azy amin' ny vavany izy ireo fa ny fony kosa dia ampanalaviriny Azy. Didin' olombelona no ampianariny ho fotopampianarana, miendrika an' Andriamanitra, nefa dia laviny ny herin' izany.

Mbola nandrara ahy ihany Izy mba tsy hiditra ho mpikambana ao amin' izy ireo, ary mbola betsaka ireo zavatra hafa izay nolazainy tamiko ka tsy azoko soratana amin' izao fotoana izao. Rehefa tafaverina indray ny saiko, dia hitako fa mandry mitsilany mijery ny lanitra aho. Rehefa lasa ilay hazavana, dia tsy nanana hery aho; vetivety foana anefa dia tafaverina ny heriko, ary nandeha nody aho.

## Fanenjehana

*Nankatò an' Andriamanitra i Joseph ary tsy niditra ho mpikambana tamin' ireo fiangonana izay nisy. Rehefa nilaza tamin' ny olona izay hitany sy reny izy dia nanomboka niharan' ny fanoherana sy ny fanenjehana.*

Tsy ela dia hitako—fa ny fitantarako ilay tantara no nahatonga ireo milaza fa mino sy mpivavaka hitsaratsara ahy. Dia izany no nahatonga ny fanenjehana lehibe izay nihamafy hatrany. Na dia zazalahy tsy dia be mpahalala izay vao teo anelanelan' ny fahefatra ambin' ny folo sy fahadimy ambin' ny folo taona monja aza aho, ary ny toerana nisy ahy teo amin' ny fiainana dia tokony hahatonga ahy ho zazalahy tsy dia misy dikany amin' izao tontolo izao, dia tsikaritr' ireo olona ambony ihany aho, ka nahatonga azy ireo handrangitra ny sain' ny olona hanohitra ahy, ary nampisy ny fanenjehana lehibe. Hita teo amin' ireo sekta rehetra izany—nitambatra avokoa izy rehetra hanenjika ahy.

Koa nahatonga ahy handinika lalina izany, ary nanao izany matetika aho nanomboka tamin' izay. Ny tena mahagaga dia zazalahy tsy dia be mpahalala vao efatra ambin' ny folo taona mahery kely aho

ary ankoatra izany dia olona voatery miasa isan' andro mba hisian' ny fidiram-bola kely hivelomana, nefa dia noheverina ho olona manan-danja mba hisarihana ny sain' ireo olona ambony tao amin' ireo sekta izay nalaza tamin' izany fotoana izany; ary nahatonga azy ireo hanana saina feno fanenjehana fatratra sy faniratsirana. Na mahagaga izany na tsia, dia izany no zava-nisy. Niteraka alahelo lehibe ho ahy izany matetika.

Na izany aza anefa, dia zava-misy ny nahitako fahitana. Nanomboka hatramin' izay aho dia nahatsapa tokoa ho toa an' i Paoly, raha izy niaro ny tenany teo anatrehan' i Agripa Mpanjaka ary nitantara ny fahitana hitany izay nahitany hazavana sy nandrenesany feo. Na teo aza izany dia mbola vitsy ihany no nino azy. Ny sasany nilaza fa tsy azo itokiana izy, ny hafa nilaza fa adala izy, koa dia noesoesoina sy notsiratsiraina izy. Tsy nahafongana ny fahamarinan' ny fahitana hitany anefa izany rehetra izany. Nahita fahitana izy, fantany fa nahita izy, ary tsy nampiova izany ny fanenjehana rehetra teto ambonin' ny tany. Na nisy aza ny fanenjehana azy ho faty, dia mbola fantany, ary ho fantany mandra-pialan' ny fofon' ainy, fa sady nahita hazavana izy no nandre feo izay niresaka taminy, ary tsy hampiova ny heviny na ny finoany izao tontolo izao.

Nitovy tamin' izany koa ny ahy. Tena nahita hazavana aho ary nahita Olona anankiroa teo afovoan' io hazavana io. Tena niresaka tamiko marina Izy ireo, ary na dia nankahalaina sy nenjehina aza aho noho ny filazako fa nahita fahitana aho, dia mbola marina izany. Ary raha mbola nenjehiny sy notsiratsirainy ary nasiany izay teny ratsy rehetra aho hitenenana lainga ny amiko noho ny filazako izany, dia lasa ny eritreritro, ary niteny tao am-poko aho nanao hoe: Nahoana aho no henjehina noho ny filazana ny marina? Tena nahita fahitana aho, ary iza moa aho no afaka hanohitra an' Andriamanitra? Ary nahoana izao tontolo izao no mieritreritra ny hampandà ahy izay tena hitako? Fa efa nahita fahitana aho; fantatro izany, ary fantatro fa fantatr' Andriamanitra izany, ary tsy afaka ny handà izany aho na ho sahy hanao izany koa, satria fantatro fa raha manao izany aho dia hanafintohina an' Andriamanitra ary ho voaheloka.

> *Nahita fahitana aho, fantatro izany, ary fantatro fa fantatr' Andriamanitra, ary tsy afaka ny handà izany aho na koa ho sahy hanao izany.*

Afa-po aho amin' izao fotoana izao raha ny mikasika ireo sekta—fa tsy tokony hiditra ho mpikambana ao amin' izy ireo aho fa hijanona amin' izao fotsiny mandra-pahazoana toromarika. Fantatro fa marina ny fanambaran' i Jakoba—fa izay olona tsy manam-pahendrena dia afaka mangataka amin' Andriamanitra ka hahazo ary tsy ho voalatsa.

Nanohy ny raharaha fanaoko andavanandro teo amin' ny fiainako aho mandra-pahatongan' ny fahiraika amby roapolon' ny volana Septambra, telo amby roapolo sy valonjato sy arivo. Nandritra izany fotoana rehetra izany, dia niharitra fanenjehana goavana avy tamin' ny antokon' olona maro aho, na mpivavaka izany na tsy mpivavaka, satria tsy nitsahatra ny nanamafy aho fa nahita fahitana.

Teo anelanelan' ny fotoana nahitako fahitana sy ny taona telo amby roapolo sy valonjato sy arivo—raha noraràna tsy hiditra ho mpikambana tao amin' ireo antokom-pivavahana sekta nisy tamin' izany andro izany aho. Mbola tanora dia tanora tokoa aho. Nenjehin' ireo izay tokony ho namako sy tokony hitondra ahy amin' ny fahatsaram-panahy aho. Ary raha nihevitra izy ireo fa voafitaka aho, dia nitady hevitra amin' ny fomba tsara sy malefaka izy ireo mba hiverenako— Noho izany dia tojo fakam-panahy marobe aho. Rehefa niharoharo tamin' ny karazana fiaraha- monina maro aho, dia matetika no nanao hadalàna ary dia nampiseho ny fahalemena sy ny tsy maha-tonga lafatra ny tanora amin' ny maha-olombelona, izay ialako tsiny ny filazana fa nitarika ahy tamin' ny fakam-panahy maro samihafa izay nitondra fanafintohinana an' Andriamanitra. Raha milaza izany aho, dia tsy tokony hisy hihevitra

ahy ho nahavita fahotana lehibe na faran' izay ratsy. Tsy toetrako velively ny hahavita hanao izany.

## Ny fitsidihan' i Môrônia

*Nitohy ny fanenjehana rehefa tsy nety nandà fa nahita an' Andriamanitra i Joseph. Tamin' ny 21 Septambra 1823, rehefa nandeha natory i Joseph dia nivavaka mba hahafantatra izay ilan' ny Tompo azy. Niseho taminy ny anjely Môrônia.*

Ny takarivan' ny fahiraika amby roapolon' ny volana Septambra voalaza etsy ambony, raha nandeha natory aho ny alina dia nanomboka nivavaka sy nitalaho tamin' Andriamanitra Tsitoha mba hamelany ny fahotako sy ny hadalako rehetra, ary koa mba hanehoany amiko fa afaka mahafantatra izay tadiaviny sy izay ilany ahy aho; fa nahatoky tanteraka aho fa hahita fanehoana avy amin' Andriamanitra ohatra ilay iray izay hitako teo aloha.

Raha mbola nivavaka tamin' Andriamanitra aho dia nahatsikaritra hazavana nipoitra tao amin' ilay efitranoko, izay nihanitombo hatrany mandrapahatongan' ilay efitrano nazava kokoa noho ny mitatao vovonana. Poa toa izay, dia nisy olona niseho teo anilan' ny fandriako, nijoro mitsingevaheva satria tsy mikasika ny tany ny tongony.

Nanao akanjo lava, malalaka sy fotsy mangatsakatsaka fatratra izy. Ny hafotsiany dia mihoatra noho ny hafotsian' ny zavatra rehetra izay efa hitako hatrizao teto an-tany; sady tsy inoako koa fa azo atao ny hahatonga ny zavatry ny tany ho lasa fotsy sy hamiratra fatratra toy izany. Nihanjaka ny tànany, ary koa ny sandriny hatreo ambony kelin' ny hato-tanany; tsy misarona ihany koa ny tongony sy ny ranjony hatreo ambony kelin' ny kitrokeliny. Tsy misarona ihany koa ny lohany sy ny tendany. Tsikaritro fa tsy nisy afa-tsy io akanjo lava io teny aminy, satria vaky anoloana izy io ka hitako ny tratrany.

Tsy ny akanjony ihany no fotsy izaitsizy, fa namirapiratra tsy hay tantaraina ny tenany rehetra, ary toy ny tselatra marina tokoa ny tarehiny. Fatratra tokoa ny hazavan' ilay efitrano, kanefa mbola nanjelatra lavitra kokoa noho izany ny faritra manodidina ny tenany. Raiki-tahotra aho raha vao nahita azy; nefa vetivety foana dia nisinda ilay tahotra.

Nantsoiny tamin' ny anarako aho, ary nilazany fa iraka avy teo anatrehan' Andriamanitra izy hankatỳ amiko, ary i Môrônia no anarany; fa manana asa ampanaovina ahy Andriamanitra; mety ho tsara na ho ratsy eo anivon' ny firenena, ny foko ary ny samy hafa fiteny rehetra ny anarako, na sady hohindraindraina no hotenenin-dratsy eo anivon' ny olon-drehetra.

Nolazainy fa misy boky iray napetraka, voasoratra eo ambonin' ny takelaka volamena izay milaza ny tantaran' ny mponina fahiny tao amin' ity kaontinanta ity sy ny loharano nipoirany. Nolazainy koa fa mirakitra ny fahafenoan' ny filazantsara mandrakizay izany, araka ny nanoloran' ny Mpamonjy izany ireo mponina fahiny ireo.

Ary koa, misy vato roa ao anaty tandro-bolafotsy—ary ireo vato ireo, mipetaka eo amin'




*Telo taona taorian' ny Fahitana Voalohany hitan' i Joseph Smith, dia naniraka ny anjely Môrônia Andriamanitra mba hampianatra an' i Joseph mikasika ny famerenana indray ny filazantsaran' i Jesoa Kristy.*

ny saron-tratra iray, no manome ny antsoina hoe: Orima sy Tomima—niara-napetraka tamin' ireo takelaka; ary ny fananana sy ny fampiasana ireo vato ireo no maha-izy azy ny *Mpahita* tamin' ny andro fahagola na fahiny; ary ny zava-nokinendrin' Andriamanitra tamin' ny nanomanany azy ireo dia ny mba handikana ny boky.

Rehefa nilaza tamiko ireo zavatra ireo izy dia nanomboka nanambara ireo faminaniana ao amin' ny Testamenta Taloha. Nambarany voalohany ny ampahany ao amin' ny Malakia toko fahatelo, ary dia nambarany ihany koa ny toko fahefatra na ny toko farany momba io faminaniana io ihany, na dia misy aza ny fahasamihafana kely amin' ny fomba nanoratana izany ao amin' ny Baiboly ananantsika. Ho solon' ny andininy fahasivy ambin' ny folo ao amin' ny toko fahatelo izay voasoratra ao amin' ny bokintsika, dia izao no nanambarany azy:

"Fa indro, avy ny andro izay mandoro toy ny fatana fandoroana, ary ny mpirehareha rehetra, eny, ny mpanao ratsy rehetra dia hodorana tahaka



*Tamin' ny taona 421 taorian' i J.K, dia nandevina rakitsoratra masina momba ny olony tao amin' ny Havoanan' i Cumorah ny mpaminany Môrônia. Rehefa niverina olona efa nitsangana tamin' ny maty izy tatỳ aoriana dia nilaza tamin' i Joseph Smith momba ilay rakitsoratra taloha izay mirakitra ny fahafenoan' ny filazantsara izay nomen' ny Mpamonjy ireo mponina taloha tao amin' ny Kaontinanta Amerikana. Io rakitsoratra io: dia ny Bokin' i Môrmôna.*

ny vodivary; ary ireo izay tonga dia handoro azy ireo, hoy ny Tompon' ny Maro, ka tsy hasiany miangana na ny fakany na ny sampany.

Ary dia mbola nambarany indray ny andininy fahatelo amby roapolo ao amin' ny toko fahatelo, izay milaza hoe: "Indro, hanambara aminareo ny Fisoronana amin' ny alalan' ny mpaminany Elia aho alohan' ny hahatongavan' ny andron' ny Tompo izay andro lehibe sady mahatahotra."

Nambarany tamin' ny fomba hafa ihany koa ity andininy manaraka ity: "Ary izy hametraka ao am-pon' ny zanaka ireo fampanantenana natao tamin' ny ray, ka hitodika any amin' ny ray ny fon' ny zanaka. Ary raha tsy izany dia ho ringana ny tany rehetra amin' ny fahatongavany."

Ho fanampin' izany dia nambarany koa ny toko fahiraika ambin' ny folo ao amin' ny Isaia, ary nolazainy fa ho tanteraka tsy ho ela izany. Nambarany ihany koa ny toko fahatelo ao amin' ny Asan' ny Apôstôly ka ny andininy faharoa amby roapolo sy telo amby roapolo izay mitovy tsara amin' izay hita ao amin' ny Testamenta Vaovao ananantsika. Nolazainy fa io mpaminany io dia i Kristy, fa mbola tsy tonga kosa ny andro fa ho tonga tsy ho ela, ary ireo izay tsy mihaino ny feony dia haringana tsy ho eo amin' ny olona.

Nambarany ihany koa ny toko faharoa ao amin' ny Joela ka manomboka eo amin' ny andininy fahavalo amby roapolo ka hatramin' ny farany. Nilaza ihany koa izy fa mbola tsy tanteraka izany, fa ho tanteraka tsy ho ela. Dia mbola nilaza izy fa ho avy tsy ho ela ny hafenoan' ny Jentilisa. Nanambara andinin-tsoratra masina maro hafa koa izy ary nanome fanazavana marobe izay tsy azo holazaina eto.

Nolazainy ahy indray fa rehefa azoko ireo takelaka izay efa noresahiny—satria tsy mbola tonga ny fotoana tokony hahazoako azy ireo—dia tsy tokony hasehoko olona ireo, na iza na iza izany, torak' izany koa ny saron-tratra mbamin' ny Orima sy Tomima, afa-tsy ireo izay handidiany ahy hampisehoana izany ihany; fa raha manao izany aho dia haringana. Raha mbola teo ampiresahana tamiko ny momba ireo takelaka ireo

izy, dia nisy fahitana nisokatra tao an-tsaiko, ary dia azoko nojerena ny toerana nilevenan' ireo takelaka ireo, ary izany dia tena nazava sy nisongadina tokoa hany ka fantatro indray ilay toerana nony notsidihako.


*Nisokatra tato an-tsaiko ilay fahitana hany ka hitako ilay toerana izay nametrahana ireo takelaka*

Taorian' izany filazana izany, dia hitako ny hazavana tao an' efitrano nanomboka ho niangona nanodidina avy hatrany ny tenan' ilay olona avy niresaka tamiko, ary tsy nitsahatra izany mandra-pahatongan' ny efitrano ho tavela tanatin' ny haizina indray, afa-tsy ny manodidina azy ihany, ary tampoka teo dia hitako ho toy ny misy lalantsara misokatra miakatra mivantana any an-danitra, ary dia nandeha niakatra izy mandra-pidifiny tanteraka, ka dia niverina toy ny teo aloha indray talohan' ny nisehoan' io hazavana avy tany an-danitra io ny efitrano.

Nandrinandry teo aho lasan' eritreritra noho iny tarehin-javatra tsy fahita iny, sady nitolagaga fatratra noho ny zavatra voalazan' ilay iraka hafakely; fa mbola teo am-pisaintsainana teo aho no nahita tampoka fa nanomboka nihanazava indray ny efitranoko, ary poa toa izay raha lazaina, dia efa teo anilan' ny fandriako indray ilay iraky ny lanitra teo iny.

Nanomboka indray izy, ka tsy misy hafa tamin' ny zavatra efa nolazainy tamin' ny fitsidihany voalohany no nolazainy; rehefa izany, dia nampahafantariny ahy ny amin' ny famaizana lehibe izay efa ho tonga eto an-tany miaraka amin' ny fandripahana lehibe amin' ny mosary, ny sabatra ary ny areti-mandringana; hihatra amin' ny tany, amin' ity taranaka ity, ireo famaizana mampangirifiry ireo. Rehefa avy nilaza ireo zavatra ireo izy dia niakatra toy ny efa nataony teo aloha indray.

Tafalatsaka lalina tao an-tsaiko ireo teny ireo tamin' izay fotoana izay, ka nandao ahy ny torimaso, ary dia nandrinandry teo aho, ankon' ny fahagagana noho ny zavatra hitako sy reko. Akory anefa ny hagagako raha nahita io iraka io ihany indray aho teo anilan' ny fandriako sy nandre azy nanantitrantitra na namerimberina indray tamiko ny zavatra tetsy aloha ihany; saingy nampiany fampitandremana ho ahy, ka nilazany tamiko fa hanandrana ny haka fanahy ahy i Satana (noho ny ankohonan-draiko miaina ao anatin' ny fahantrana) hakako ireo takelaka ireo mba hampanan-karena ahy. Nandrara ahy tsy hanao izany izy ka nilaza ny tsy tokony hananako zavatra hafa banjinina rehefa mahazo ireo takelaka ireo aho, afa-tsy ny voninahitr' Andriamanitra sy ny tsy ho voataonan' ny hevitra hafa, afa-tsy ny



*Ny havonan' i Cumorah dia eo amin' ny dimy kilometatra avy ao atsimo atsinanan' ny sahan-dry Smith ao Palmyra, New York. Tamin' ny andron' i Joseph, dia rakotra bozaka ny farany avaratra, ny atsimo kosa feno hazo sy ala miparitaka. Nilevina tao amin' ny ilany atsimo andrefana ireo takelaka, izay tsy lavitra ny tampon-kavoana. Sary: Aogositra 1907.*

fanorenana ny fanjakany; raha tsy izany dia mety tsy ho azoko ireo.

Taorian' io fitsidihana fahatelo io, dia niakatra indray tany an-danitra toy ny teo aloha izy ka namela ahy hisaintsaina indray ny maha-hafakely ity zavatra vao nodiaviko ity; fa raha vantany vao tafakatra tany an-danitra ilay iraky ny lanitra rehefa nandao ahy fanintelony, dia naneno ny akoholahy ary hitako fa mby akaiky ny maraina, izany hoe: tsy maintsy ho nandany iny alina manontolo iny ny fihaonanay.

Fotoana fohy taorian' izay dia niarina avy teo am-pandriana aho ary toy ny mahazatra dia namonjy ireo asa fanao isan' andro, nefa raha

nanandrana niasa toy ny isan' andro aho dia nahita fa kely ny heriko, hany ka tsy nahefa na inona na inona aho. Tsikaritry ny raiko izay niara-niasa tamiko fa tsy dia tsaratsara loatra aho ka nasainy nody. Dia niainga aho, ary ny fikasako dia ny hody any an-trano;



*Niverina isan-taona nandritra ny efa-taona i Môrônia ary nampianatra bebe kokoa hatrany ity tanora mpaminany. Taorian' ireo taona efatra ireo, dia nahazo ireo takelaka i Joseph ary nanomboka nandika ny Bokin' i Môrmôna.*

kanefa raha iny handeha hihoatra ny fefin' ilay tanimboly izay nisy anay iny aho, dia nandao ahy tanteraka ny heriko, ary tsy afa-nanoatra aho fa dia niankarapoka tamin' ny tany ka tsy nahatsiaro tena mihitsy nandritra ny fotoana fohy.

Ny zavatra tsaroako voalohany dia ny feo niresaka tamiko, niantso ahy tamin' ny anarako. Niandrandra aho ka tazako indray ilay iraka teo ihany nijoro teo ambonin' ny lohako sy voahodidina hazavana toy ny teo aloha. Tamin' izay dia naveriny tamiko indray izay rehetra efa nambarany ahy iny alina iny, ary nandidy ahy izy hankany amin-draiko mba hilaza aminy ny fahitana sy ny didy efa azoko.

Nankatò aho ka niverina tany amin-draiko tany an-tsaha ary namerina taminy ny zava-drehetra. Avy tamin' Andriamanitra izany, hoy ny navaliny ahy, dia noteneniny aho mba handeha sy hanao araka ny nandidian' ilay iraka. Nandao ny saha aho ka nankany amin' ilay toerana izay efa nolazain' ilay iraka tamiko fa ilevenan' ireo takelaka; ary satria nazava tsara ilay fahitana efa azoko momba izany, dia fantatro ilay toerana raha vantany vao tonga tany aho.

## Ilay Rakitsoratra Masina

Misy havoana iray be velarana sy avo be noho ireo manodidina azy eo akaikin' ny tanàna kelin' i Manchester, faritanin' i Ontario, New York. Nilevina tao amin' ny ilany andrefan' io havoana io, tsy dia lavitra loatra ny tampony, ary tao ambanin' ny vato iray ngezabe, ireo takelaka napetraka tao anatin' ny vata vato iray. Matevina io vato io ary mivohitra ny tampony afovoany, ary manifinify ny atỳ amin' ny sisiny, hany ka tazana eo ambonin' ny tany ny ampahany afovoany ary rakotry ny tany ny sisiny rehetra manodidina.

Naka fanohitra iray aho rehefa avy nesoriko ireo tany, ka natsofoko teo amin' ny sisiny ambanin' ilay vato, ary notsindriako kely mba hanaingako azy. Nojereko ny tao anatiny, ary dia hitako tao tokoa ny takelaka, ny Orima sy ny Tomima ary ny saron-tratra, araka ny voalazan' ilay iraka. Ny vata izay nitoerany dia narafitra tamin' ny vato natambatambatra tamina karazana simenitra. Nisy vato roa mitsivalana tao amin' ny fanambanin' ilay vata, ka nipetraka teo ambonin' ireo vato ireo ny takelaka sy ireo zavatra hafa niaraka taminy.

Nanandrana ny hamoaka azy ireo aho, nefa dia noraran' ilay iraka izay nilaza tamiko indray fa tsy mbola tonga ny fotoana hamoahana azy sady tsy mbola ho avy izany raha tsy afaka efa-taona manomboka amin' io andro io; nolazainy ahy kosa anefa ny tokony hiverenako eo amin' izany

toerana izany rehefa afaka herintaona katroka, ary hihaona amiko eo izy, ary ny mbola hanohizako izany hatrany mandra-pahatongan' ny fotoana hahazoako ireo takelaka.

Noho izany dia nankeo aho isaky ny faran' ny taona, araka ny efa nandidiany ahy, ary nahita ilay iraka teo hatrany, ary isaky ny nihaona izahay, dia nandray torolalana sy fahalalàna avy taminy aho momba izay handeha hataon' ny Tompo sy ny fomba hoenti-mitondra ny fanjakany amin' ny andro farany.

> *Tsy dia lavitra loatra ny tampony teo amin' ny ilany andrefana ary tao ambany vato lehibe iray no nisy ireo takelaka izay napetraka tao anaty vata vato.*

Ary satria tsy nanankarena firy ny raiko, dia voatery tsy maintsy nampiasa ny tananay izahay hoenti-miasa, nikarama taman' olona toy ny mpanao isan' andro na amin' ny fomba hafa, rehefa misy fotoana ahazoana manao izany. Indraindray izahay ao aminay ihany, ary indraindray any ivelany. Ny tsy fitsaharanay miasa dia nahafahanay niaina tsara.

*Asa marobe no nataon' i Joseph, ka nampiaina tsara ny fianakaviany. Tamin' ny taona 1825, nahita asa tany amin' ny faritanin' i Chenango, New York izy. Tany no nifanenany tamin' i Emma Hale izay nampakariny ho vady tamin' ny 18 Janoary 1827.*

Rehefa ela ny ela, dia tonga ny fotoana ahazoako ny takelaka, ny Orima sy ny Tomima ary ny saron-tratra. Nankeo amin' ny toerana ilevenany aho ny faharoa amby roapolon' ny volana Septambra fito amby roapolo sy valonjato sy arivo, toy ny efa mahazatra isaky ny mifarana ny taona iray, ka natolotr' ilay iraky ny lanitra ahy izany niaraka tamin' izao fepetra izao: ho tompon' antoka aminy aho fa raha avelako ho very izany noho ny tsirambina na vokatry ny tsy fitandremako, dia haringana aho; fa raha manao izay tratry ny heriko rehetra kosa aho hitahirizana izany, ambara-piaviny, izy ilay iraka, haka azy ireo, dia ho voaro izany.

Tsy ela dia fantatro ny antony nanomezana ahy fepetra hentitra toy izany mba ho azo antoka ny fitehirizana azy, ary ny nahatonga ilay iraka hiteny fa rehefa tontosako ny zavatra angatahana amiko, dia ho avy izy hitaky azy. Fa raha vantany vao fantatra fa azoko izany, dia nampiasaina ny fanerena mahery vaika indrindra mba hanesorana azy amiko. Nampiasaina izay tetika rehetra azo foronina hanatanterahana izany. Nihanangidy sy nihamafy kokoa noho ny teo aloha ny fanenjehana, ary nanao andry maso tsy tapaka izany ny ankamaroany mba hakany azy atỳ amiko raha azony atao. Nefa noho ny fahendren' Andriamanitra, dia tafajanona soa aman-tsara teo am- pelatanako izany mandra-pahavitako taminy izay nangatahina tamiko. Nony tonga haka izany ilay iraka, araka ny fandaminana, dia natolotro azy izany; ka efa eo ambany fitahiany izany mason' andro androany faharoan' ny volana Mey, valo amby telopolo sy valonjato sy arivo. . . .

Ny faha-5 Aprily 1829, dia tonga tao an-tranoko i Oliver Cowdery izay tsy mbola hitako raha tsy tamin' io fotoana io. Nilaza tamiko izy fa mpampianatra amin' ny sekoly tao amin' ny faritra izay nonenan' ny raiko. Ary satria ny raiko dia anisan' ireo izay nandefa mpianatra tany an- tsekoly, dia nipetraka tao aminy izy nandritra ny fotoana maromaro. Ary fony izy nipetraka tao, dia notantarain' ny fianakaviana taminy ny fandehan-javatra mikasika ny nahazoako ireo takelaka, ary noho izany dia tonga izy mba hanontany ahy.

Roa andro taorian' ny nahatongavan' Andriamatoa Cowdery [ny faha 7 ny volana Aprily], dia nanomboka nandika ny Bokin' i Môrmôna aho ary nanomboka nandray an-tsoratra izay notononiko izy.

*Ny volana Aprily 1829, dia nanomboka nandika ny Bokin' i Môrmôna tamin' ny alalan' ny fanomezampahasoavana sy ny herin' Andriamanitra i Joseph Smith. Rehefa vitan' i Joseph izany, dia nisy olona hafa koa nahazo tombon-tsoa hahita ireo takelaka volamena ireo. Nandrakitra an-tsoratra ny fanambarany ihany koa ireo vavolombelona ireo, satria amin' ny tenin' ny vavolombelona roa na telo no hanorenana ny teny rehetra [2 Korintiana 13:1].*



*Natsangana tao an-tranon' i Peter Whitmer rainy ny Fiangonan' i Jesoa Kristy ho an' ny Olomasin' ny Andro Farany ny 6 Aprily 1830. Olona 60 teo ho eo no vavolombelona raha nahatontosa izay notakian' i New York amin' ny fanorenana antokom-pivavahana vaovao ireo lehilahy 6.*

## Ny fisoronana tafaverina amin' ny laoniny

Dia mbola nanohy ny asa fandikan-teny izahay ary nandeha tany an' ala indray andro ny volana manaraka an' io [Mey 1829] mba hivavaka sy hanontany ny Tompo mikasika ny batisa ny famelan-keloka izay hitanay voalaza tamin' ny fandikana ireo takelaka. Raha mbola sondriana nivavaka sy niantso ny anaran' ny Tompo izahay, dia nisy iraka avy any an-danitra nidina tao anaty rahom-pahazavana; ary rehefa nametra-tanana taminay izy dia nanendry anay sady nilaza hoe:

Amin' ny anaran' i Mesia no hanomezako anareo, ry mpanompoko, ny Fisoronan' i Aharôna izay mihazona ireo fanalahidin' ny fampianaran' ny anjely sy ny filazantsaran' ny fibebahana ary ny batisa asitrika ho famelan-keloka; ary tsy hiala eto an-tany intsony izany mandra-panatitry ny taranak' i Levy fanatitra amim-pahamarinana indray ho an' ny Tompo.




*Nahazo ny fisoronan' i Aharôna tamin' ny alalan' ny fametrahan-tanana avy amin' i Jaona mpanao batisa, i Joseph Smith sy i Oliver Cowdery ny 15 Mey 1829.*

Nilaza izy fa tsy manana hery amin' ny fametrahan-tanana ho fanomezana ny Fanahy Masina io Fisoronan' i Aharôna io, fa homeny anay izany amin' ny manaraka. Nandidy anay izy mba handeha sy hatao batisa ary nanome baiko fa tokony hanao batisa an' i Oliver Cowdery aho, ary rehefa avy eo dia tokony hanao batisa ahy izy.

Noho izany dia nandeha izahay ary natao batisa. Izaho no nanao batisa azy voalohany ary rehefa avy eo dia nataony batisa aho—taorian' ny nametrahako ny tanako teo ambonin' ny lohany ary nanendreko azy ho amin' ny fisoronan' i Aharôna. Rehefa vita izany dia nametra-tanana tamiko izy, ary nanendry ahy ho amin' io Fisoronana io ihany koa—satria izany no nandidiana anay.


Ilay iraka izay nitsidika anay tamin' io fotoana io sy nanome anay ny Fisoronana dia nilaza fa i Jaona no anarany, dia ilay antsoina hoe: Jaona Mpanao batisa ao amin' ny Testamenta Vaovao, izay niasa teo ambany fitarihan' i Petera sy i Jakoba ary i Jaona, izay mihazona ny fanalahidin' ny Fisoronan' i Melkizedeka. Nilaza izy fa homena anay io fisoronana io amin' ny fotoana mahamety izany, ary izaho no hantsoina ho Loholona voalohany ao amin' ny Fiangonana, ary izy [Oliver Cowdery] no faharoa. Tamin' ny fahadimy ambin' ny folo ny volana Mey 1829 no nanendrena anay teo ambanin' ny tanan' ity iraka ity sy nanaovana batisa anay.

Raha vao nipoitra avy tao anaty rano izahay, rehefa avy natao batisa, dia notsenain' ny fitahiana lehibe sady goavana avy tamin' ny Ray any andanitra. Raha vao avy nataoko batisa i Oliver Cowdery, dia nilatsaka teo aminy ny Fanahy Masina, ary nitsangana izy sady nanambara zavatra be dia be izay hiseho tsy ho ela. Toy izany koa, raha vao vitany batisa aho dia nahazo fanomezampahasoavana haminany, dia nitsangana aho ary nanambara momba ny fijoroan' ity Fiangonana ity sy ny zavatra maro hafa momba ny Fiangonana sy ity taranaka zanak' olombelona ity. Feno ny Fanahy Masina izahay ary nifaly tao amin' Andriamanitry ny famonjena anay.



*Ity no tenivavolombelona tsotra sady marina nataon' i Joseph Smith, izay mitantara ireo zava- nitranga ka nitarika ho amin' ny famerenana amin' ny laoniny ny filazantsara sy ny fanorenana ny Fiangonan' i Jesoa Kristy ho an' ny Olomasin' ny Andro Farany.*

*Jereo ao amin' ny Tantaran' i Joseph Smith ao amin' ny "Voahangy Lafo Vidy", ao amin' ny Tantaran' ny Fiangonana 1:2-79 raha te hahalala ny tantara feno mikasika an' i Joseph Smith ianao.*



*Ny Bokin' i Môrmôna izay natonta voalohany tamin' ny 1830 dia navoaka tamin' ny fiteny mihoatra ny 80 amin' izao fotoana izao, manerana izao tontolo izao.*